## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy hitan'ny vahoaka Malagasy intsony izay isarangotana

Tsy fantatry ny vahoaka malagasy intsony izay isarangotana amin'izao loza mihàtra aminy izao. Ny mahavariana anefa dia mbola misy gasy miantso vonjy any amin'i Rajoelina Andry Nirina ihany toy ny tsy mahafantatra, fa izy mihitsy no fototr'izao fahoriana mianjady izao. Ireo mpomba azy rahateo miezaka ny mampiely, fa mahavita azy sy mitsinjo ny vahoaka ny filoha Rajoelina, satria nahatsangana izao fotodrafitrasa manara-penitra rehetra izao kanefa dia nisy ny natsangana tany Morondava kanefa rivotra nitsoka dia nidaraboka toy ny trano aorina eny ambony fasika. Tsy mahagaga ny fahantrana mianjady, ny toekarena sy ny sandam-bola mitotongana, ny fiezahana manapotika ny orinasam-pirenena (Air Mad, Jirama, CNAPS,…), ny fanaovana tantely afadrakotra ny harem-pirenena, ny fanjakan'ny kolikoly, ny fanapotehana ny hasin'ny Firenena sy fanitsakitsahana ny Fiandrianam-pirenena, ny fanaovana tsinontsinona ny sosialim-bahoaka (fanabeazana, fitsaboana), ny tsy fandoavana ny karaman'ny orinasa nanamboatra làlana sy ny tambikara- man'ny mpampianatra miambina fanadinana, ny tsy fahafahana maneho hevitra, sns… Ny fahafantaran' ny Malagasy, fa vazaha frantsay Rajoelina Andry Nirina vao mahatsapa, fa tsy izay hahasoa ny vahoaka sy izay hampandroso ny Firenena no noketrehiny tany Frantsa nandritra ny 4 taona nipetrahany tany, fa ny nandray anjara amin'ny fanompoana an'i Frantsa, ka nampidirany trosa ny Malagasy amin'ny findramambola ao amin'ny tahirimbolam-panjakana frantsay hametrahana teleferika, izay tsy hanantenana tamberim-bidy velively. Amin'ny maha frantsay an-dRajoelina Andry Nirina ihany koa, no nahasahiany niteny fa "mivovo" ny Malagasy tsy manaiky ny fanjanahana ara-tsaina, ny fanitsakitsahana lalàna fototra sy ny fampahantrana ary ny fanipazana hanina iray lovia toy ny nataon'i Hitler fony izy nitondra tany Alemaina. Toy ny tamin'ny fanjanahantany dia nanompo ny vazaha mpanjanaka ny gasy voatendry tany amin'ny faritany, ka namoritra ny vahoaka teo ambany fiadidiany. Ny elanelany fotsiny dia tsy nahantra sy fadiranovana toy ny amin'izao fotoana izao ny vahoaka Malagasy, fa ny itoviany dia tsy afaka maneho hevitra sy tsy nahazo nanao hetsika nanoherana ny tsy rariny sy ny tsindry hazo lena nihàtra taminy ny olompirenena tompontany. Ny itovian'ny fiainam-bahoaka tamin'ny fanjanahantany sy ny amin'izao fotoana izao dia ny tsy nahafantaran'ny vahoaka any amin'ny faritra ny tena toe-draharaha marina ara-pitantanana sy ara-politika kanefa amin'izao fotoana izao dia mandroso dia mandroso ny teknolojia eo amin'ny sehatry ny serasera. Vokisana lainga sy lemena ara-tsaina, ka miaina amin'ny "hono hono" ny mponina any amin'ny Faritra, ka misarangotra sy mitalaho amin'izay olona mandalo fantany sy heveriny fa manana ny traikefa hoentina manavotra azy amin'izao loza mianjady aminy izao. Araka izany dia tokony hataon'izay afaka manao izany ny fifandraisana amin'ireo vahoaka any amin'ny Faritra hahafantarana ny toe-draharaha iainany sy hampahafantatra azy ny zava-misy marina eto amin'ny Firenena, eo amin'ny sehatra rehetra. Mitombo andro aman'alina ny fahasorenan'ny Malagasy amin'izao fitondrana izao satria tsy mbola hita teto an-drenivohitra ny fahatapahan'ny rano tany amin'ny fokontany maro nanomboka ny talata maraina hatramin'ny omaly alarobia kanefa tsy nisy fampahafantarana mialoha na fanazavana ny antony nahatonga izany avy amin'ny Jirama. Araka izany dia tsy misy mandeha amin'ny laoniny ny toe-draharaha eto Madagasikara tato anatin'ny 4 taona sy tapany nitondran-dRajoelina Andry Nirina izay. Mbola mampanahy koa ny resaka fifidianana hatao amin'ity taona ity satria vazaha ny lehibe faratampon'ny tafika sy ny fiadidiana ny fitsarana (chef suprême des forces armées et de la magistrature) amin'izao fotoana izao, kanefa mbola ho sahy na hahazo milatsaka kandidà ihany ve? Namafisin'ny governemanta ny talata teo ny daty natolotry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI), hanatanterahana ny fifidianana izay ho filohampirenena. Hanao fanambarana Rajoelina Andry Nirina ny alahady izao, ka heverina fa manodidina ny resaka fifidianana sy ny momba ny maha frantsay azy no hambarany, ka na inona na inona lazainy dia sady miandry ny Malagasy no manahy izay mety hitranga sy izay mety haterak'izany. Masina ny Tanindrazana ary ny hery tsy mahaleo ny Fanahy, ka na dia teo ambany fibaikona sy fahefan'ny filohan'ny Repoblika I sy ny Repoblika II ny tomponandraikitra isan-tsehatra sy ambaratonga rehetra kanefa nidaraboka ihany. Tsy maintsy ny Malagasy ihany no ho tompon'ny teny farany, satria azo inoana fa samy handray ny andraikitra mifandrify aminy avy.

***Andry Tsiavalona***

## Ben'ny tanàna Vazahabe Manao tsinontsinona ny mpiasan'ny kaominina mihitsy




**Arphine Rahelisoa Helisoa :** tena manao tsinontsinona ny mpiasan'ny kaominina mihitsy ilay ben'ny tanàna Vazahabe. Olona inona Rey olona ity? Sao mba efa tsy zaka intsony ilay toerana e?
**Zaan Paul Randrianarison :** zay kay nahatara karama mpiasan'ny commune !
**Erick Rakotoarivo :** humour noir.
**Nash Ranarivel :** itsahiny eny an-tampon-doha mihitsy. Nanenina tsara izay nifidy an'itony Maire Vazahabe itony.
**Bacouli Manantsoua :** fay tsara ko zao mpisolelaka azy, aleôny couche njanany sy belle vie aloha important vao fiainanareo mitaky vidin'ny hatsembohanareo.
**Tax Ramiaranjato :** olomody io e !
**Jean Claude Rakotoarisoa :** totohondry tsy mivokona @izao efa maty hozatra ry mpiasan'ny commune.
**Clémence Raharinirina :** izao tokoa angamba ilay hoe lohana METISY aminy. Pfffffff !
**Andriana Yehodah Be Mario :** sampontsampona ,ary saô mba Cédric no soloana couche fa tsy charlie kkkkkkk ,bobonklat.
**Georges Olivier Rabetrano :** marina ny azy.
**Fenitra Itokiana Rakotonoely :** mbol ts mikatona loha malemy!
**Andreas Rabe :** tena iz ve io ?
**Ali Nouhou Aboubacar :** izany ve dia mba fomba, toetra ary sain'ny mpitondra eto Madagasikara à, mba mànana saina bassesse be toy izany toy ny zaza milalao ny tomponandraikitra eto amin'ny firenena. Tsy izy intsony izao.
**MC Lanto :** ex-ministre affaires étrangères, Ben'ny Tanàna Antananarivo Renivohitra,…
**Rand Mi :** Tompo o? inona ty ?
**Randriamamizafy Ignace :** mampingosy mihitsy, Maire ve no miteny itony ? Mihoatra ny loha !
**Noro Ramilson :** tsy vanona mihitsy !
**Antsa RF :** tena be vazivazy ty M. le maire ty. Ny olona efa matin'ny hanoanana, lery mbola mahavita misangisangy ihany... sa tsy maka lagy?
**Annie Andriherisoa :** humour noire an'ty razoky ty zany, tiako, fa lainga lainga n'in n'in resaka atao aty anaty réseaux sociaux Dia valiany ts maka L otran'zao foana.
**Maintso Mavana :** fahafinaretany mihitsy ilay mampijaly olona.

TELEFERIKA

# Maneho koa ny maha Vazaha taratasy an-dRajoelina

Tena misy ny fanjanahantany an-kolaka eto Madagasikara, hita sy tsapa indray izany nanomboka teo amin'ny nitondran-dRajoelina ny firenena, na tamin'ny tetezamita izany na izao Repoblika faha-4 izao, fa mbola fanjanahana tokoa no misy sy manjaka eto amin'ity tanintsika ity. Porofo maro no efa hita izao, fa mbola miankina tanteraka amin'i Frantsa tokoa isika, raha ny feo mivoaka sy ny akom-baovao eny rehetra eny no jerena. Teo ohatra ny fandehanana efa in-5 sahady tany an-toerana tao anatin'izay 4 taona sy tapany nitondrany izay, sady mandeha tsy manao veloma hatrany, no tsy miarahaba mazava ihany koa rehefa tonga, izay matetika tampoka sy tsy ampoizin'ny vahoaka hatrany. Eo koa ny olana kely izay hita amin'ny adin'ny rosiana sy ukraniana izay nitongilanana misimisy miaraka amin'ny eoropeana sy i Frantsa ohatra, sy




*Manana pasipaoro Frantsay toy itony koa ny filoha Rajoelina.*

ny resaka zom-pirenena frantsay zakain-dRajoelina nanomboka ny 2014, izay efa fitaka natao ho an'ny rehetra mihitsy, ary efa manakoako an-gazety sy serasera maro samihafa manampy ireo izay vaovao efa eo am-pelatanin'ireo mpanao politika. Mbola hita ihany koa fa fanjanahana an-kolaka, satria vao azo ilay vola fanampiana "Basket fund ", dia nambara mazava 5andro taorian'izay fa tanterahina amin'ireo daty nomen'ny Ceni ny fotoampifidianana izay ho filoham-pirenena.

Ny TELEFERIKA io koa, dia taratry ny maha-atidoha Vazaha taratasy an-dRajoelina, satria ny eny Ambatobe izay kartie misy ny filoha sy ahitana ihany koa ny sekoly malaza frantsay Lycée français mihitsy, no hahazo tombontsoa voalohany amin'izany mipaka amin' ireo kartie ahitana frantsay marobe tokoa, toa an'Analamahitsy, ambadik'i Masinandriana, ny eny Ambodivoanjo, Alarobia, sy Ivandry manontolo izay misy ny masoivoho frantsay mihitsy moa. Handalo any tokoa ilay teleferika satria haingomason'izay vazaha mandalo ihany koa. Tsy adino koa anefa, ilay resaka nosy manodidina, nalaza amboalohany fa takiana amin' ireto mpanjanaka, nefa toa lasa tsy henoheno intsony indray sa dia efa fampandriana adrisa fotsiny ihany koa? Tsarovy sy mba tadidio, fa saika hampitovy an'Alaotra amin' i "Paris " mihitsy Rajoelina raha izy nitantana ny tetezamita ireny, nilaza fa hasiana "Tour Eiffel " mihitsy any an-toerana, nefa dia fitaka tanteraka hatramin' ity androany.

Eto am-pamaranana, dia malaza ny velirano 13, isa izay tsy maty am-bavan-dRajoelina nefa dia "porte malheur" tokoa hoy ny mpandalina, ka izany no ilazana fohy azy eto, mitovy ny daty hamoahana an-gazety azy 13 jolay, nefa mba ho tsiahy kelin'ny daty rahampitso 14 jolay ihany koa.

***Beharo***

## TONONKALO

### INONA NO TENA MAIKA ?

Tena olom-pirenena ve 'nareo ry solombava ?
Raha eny dia meteza hampiseho anay mazava
Fa tsy mendrika intsony ny hitondra firenena,
Ity ilay raikalahy mpandainga sy tsy misy fahendrena !

Tena mila atsahatra izy, tsy angatahina andro intsony,
F'efa hita fa tsy gasy na ny sainy na ny fony !
Ho azy , ny fitiavantena, izay no lehibe indrindra.
(Tena sain'ireo mpanjanaka no niampita sy nifindra !)

Sao dia efa tsangan'olona ianareo ry solombava ?
Sao dia efa ny sokajin-jiolahy misaron-tava ?
Fivoriana petatoko fikitihana lalàna,
Izay no maika, hoenti-miaro ny hagegena sy hadalana ?

Sao tsy izay fa ny hanalana ity filoha eo amin'ny toerany,
Sy ny hoenti-mampitsahatra ireo lainga sy hoerahoerany ?
Sao dia izay no tena maika , sao izay ry antenimiera ?
Anareo anie ny baolina e ! mijoroa f'izao no lera !

*DADAN'i RIANA (11-07-23)*